## Ambohitrimanjaka
## Tsy ny olombelona intsony no mitaraina fa efa ny tany mihitsy 3


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Sabotsy 19 oktobra 2019 Laharana 968 Vidiny : 400 Ar


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 159), Madagasikara 16 Oktobra 2019** 5


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Anosibe, Andavamamba, Antohomadinika,...** 3

# Namindra ny fanilo amin'i Rina, Ravalo



**Depiote TIM, Ambohitrimanjaka** 2

# Ny seraseran'ny mpitondra indray no mandrangitra



**JEAN BOSCO RANDRIAMPARANY** 2

## Tanora tena hampandroso an'Ambohitrolomahitsy



**Raharaha Za Gasy** 2

## Ampidirin'ny IRD amin'ny kizo i Andry Rajoelina

**Bacc 2019 fihodinana voalohany** 3

## 40% ny taham-pahafana, ny nahazo 10/20 no afaka

**Fanafoanana ny arrêt bus** 5

## Malalaka ny fifamoivoizana eny Andrefan'Ambohijanahary

**Daka kely**

Afindrao any an-kafa lesy ry Boaikely le Tanamasoandro a !

**OJM sy CRIMAD** 3

## Manameloka ny fanitsakitsahana ny asa fanaovan-gazety



DEPIOTE TIM, AMBOHITRIMANJAKA

## Ny seraseran'ny mpitondra indray no mandrangitra

Nanao valandresaka tamin'ny mpanao gazety teny amin' ny lapan'ny Antenimieram-pirenena Tsimbazaza ny solombavambahoaka Tiako i Madagasikara (TIM) omaly, mikasika ny raharaha Ambotrimanjaka. Nanambara ny depiote Mamy Rabenirina fa tsy nandeha araka ny lalàna ny fanaovana io tetik'asa Tanamasoandro io satria tsy nakàna ny hevitry ny vahoaka avy eny ifotony fa natao araka izay itiavan'ny fitondràna azy. Sonia efa ho 1000 mahery no voahangona tao Ambotrimanjaka sy ny manodidina tsy manaiky io tetik'asa io, fa tsy noraharahin'ny fanjakàna. Tsy ny tetik'asa no ratsy hoy ny depiote Mamy Rabenirina, fa tena tsara raha vita aza, saingy ny hanatanterahana azy ao Ambotrimanjakàna no tsy mety satria miteraka korontana ara-toekarena sy ara –tsosialy. Izahay hoy izy mahita toerana tena tsara azo anaovana io tetik'asa io sady tsy andoavana volabe ary tsy misy ady raha izay no hampilamina zavatra. Nahitsy kosa ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa nilaza fa raha tetik'asa lehibe ohatra no misy rà mandrika sahady vao tsy manomboka akory dia tsy mahasoa izany. Eto izahay hoy izy dia manameloka ny fifamonoan'ny samy Malagasy, zavatra tsy tokony hisy akory ny zavatra toy ireny raha nisy ny fifampiresahana. Eto koa izahay dia manambara fa tsy tsara ny manely vaovao tsy marina. Vao tsy ela akory no nisy mpanao gazety lazaina fa nanely vaovao tsy marina nasaina nandoa vola 10 tapitrisa ariary. Ankehitriny anefa ny compte Fake sy ny gazetin'ny mpitondra no milaza fa ny TIM no ao ambadiky ny fitokonana sy ny korontana eny Ambotrimanjaka. Mila atao ambonimbony ny ady hevitra hoy ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa fa aza manao izany, eto ny tompon'andraikitry ny serasera ao amin'ny fitondràna indray no lasa mandrangitra olona ary mandefa sary mampihorin-koditra sy maha tohina. Ny mponina ao Ambohitrimanjaka dia vahoaka Malagasy, misy ny TIM, ary misy ireo nifidy ny filoha Andry Rajoelina ary misy ny olontsotra, ka tsy tokony handefa vaovao tsy marina toy izany ny seraseran'ny mpitondra.

***Helisoa***

Depiote Todisoa

## Mamaly mandrakariva ny hetahetan'ny mponina eny anivon'ny fokontany

Taorian'ny fangatahana voaray avy amin'ny vahoaka dia nanatanteraka fametrahana ampoule, na takamoa manerana ny tanànan'Ambohimanarina ny depiote Andriamampandry Todisoa sy ny mpiara-miasa aminy, ka ny Jirama no nanatanteraka ny fametahana. Hitatra araka ny fandraisany ny fangatahan'ny mponina izany asa soa ataony izany. Ho an'ny eny Ambohimandroso dia vita sady madio ny lalana nampijaly ny mponina, tanteraka izany noho ny fiaraha-miasan'ny depiote



tamin'ny CUA na ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Ny depiote Todisoa dia manentana antsika hikajy ny fahadiovana amin'izao fahavaratra izao.

***Stefa***

TIM Boriboritany faha-6

## Ny fanatsarana ny sosialim-bahoaka no ifantohany

Ny fanampiana ny mponina sy ny fanatsarana ny andavanandrom-piainan'ny olona eny amin'ny Boriborintany faha 6, no ifantohan'ny mpikatroka eo anivon'ny antoko TIM, mba hahafahana mampandany ny kandida Randriamasinoro Rina N°2, ho Ben'ny tanànan'i Antananarivo Renivohitra. Nilaza Andriamatoa Andriamananjezika Fehizoro avy amin'ity antoko ity, fa ny fanampiana an'ireo



Ray aman-dreny amin'ny fampidirana ny mpianatra no ataon'ny antoko TIM. Nanohy nanazava izy fa hojerena manokana ihany koa ireo fianakaviana mana-manjo eny amin'ny Boriboritany faha 6, mba ho maivana ny fiatrehan'ireto farany ny fahoriana izay atrehin'izy ireo. Hamboarina ireo lalankely any anelakelan-trano amin'izao fotoanan'ny fahavaratra izao, mba ho mora ny fiveziven'ny olona eny ambany tanàna. Raisin'ny mpikatroka TIM antanan-droa araka ny baikon'ny Filoha nasionaly Ravalomanana Marc ireo mpikambana antoko TIM nitsoaka andaharana, ka vonona hanohana ny kandida Rina Randriamasinoro. Nanao antso avo ho an'ireo olona, na fikambanana eny anivon'ny Fokontany ao amin'ny Boriboritany faha 6 izay maniry te hiara-miasa amin'ny antoko TIM, mba tsy hisalasala hanatona an'ireo tompon'andraikitry ny fampielezan-kevitra eny amin'ny Q.G TIM, etsy Bel'Air Ampandrana.

***Franck Razakambelo.***

Raharaha Za Gasy

## Ampidirin'ny IRD amin'ny kizo i Andry Rajoelina

Tsy tahotra tsy henatra ny nambaran'ny Depiote Lanto Rakotomanga, voafidy tamin'ny anaran'ny vovonana IRD ao amin'ny Boriboritany faharoa, fa « miantso fandraisana andraikitry ny Filoham-pirenena sy ny minisitra tompon'andraikitra ny tenany » mahakasika ny nahazoan'ny filohan'ny Za Gasy, voafonja teny Tsiafahy, nahazo fahafahana vonjimaika avy amin'ny fitsaràna. Tsy idirana ny antony nidiran'ity farany teny am-ponja sy ny raharaha nahavoarohirohy azy fa ny tiana hotsindriana dia ny hoe : afaka miditra amin'ny raharaham-pitsarana ve ny filoham-pirenena sy ireo minisitra tompon'andraikitra eto amintsika ?Raha izay mantsy no misy dia firenena tsy tan-dalàna no eto Madagasikara satria fahefana mpanantanteraka dia tsy mahazo miditra amin'ny asan'ny fahefana mampihàtra ny lalàna. Tsy azo ataon'ny fitondrana na dia filoham-pirenena aza no mitsabaka ny asan'ny fitsaràna ankoatra ny fahefana nomen'ny lalàna ho azy ary voafaritra mazava. Voararan'ny lalàna rahateo izay, ary ity fanambaran'ny Depioten'ny Vovonana IRD ity dia fanipazana hoditr'akondro ny filoham-pirenena tsotra izao, hijabaka, araka ilay fomba fiteny mahazatra ny tanora izay. Inona no tena tanjona hanambarana io « fandraisana andraikitry ny filoham-pirenena io » ? Hamingana ny filoha Andry Rajoelina amin'ny fomba mihaja sa hitady paikady hahazoana toerana ambonimbony kokoa ? Raha toa ka tafiditra amin'izany hevi-diso izany tokoa ny filoha Andry Rajoelina dia azo lazaina fa ny lohany mihitsy no manao tsindrihazolena mampanjaka ny kolikoly eto amin'ny tany sy ny firenena. Ho very hasiny ny fitsaràna Malagasy ary tsy misy ilàna azy intsony ny didy avoakan'ny fitsaràna mahefa mahakasika raharaha madio na maloto eto amintsika. Heverina fa matoa melohin'ny fitsaràna na havoakan'ny fitsaràna ny olona iray dia tokony hanaraka izany na iza izy na iza fa tsy hoe misy olona ambonin'ny lalàna eto. Izay eo ihany, fa mibaribary izao,fa efa fanaon'ny avy ao amin'ny Vovonana IRD angamba ny tahaka ity tranga iray ity ary izany no mahatonga ny tsy fahatokisan'ny vahoaka madinika maro an'isa ny fitantanan'ny fanjakana ny raharaham-pirenena eto, amin'izao fotoana izao. Rehefa tsy manana olona akaikin'ny fitondrana afaka hanindry bokotra izany dia any Antanimora na any Tsiafahy no mialokaloka! Tsy mety sy tokony ho azo ekena izany.

***Rajaonarimpanontsana***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tetikasa Tana-masoandro : tsy io akory no hampisandratra an'i Madagasikara

Mianatra ny hanara-dia ireo firenena an-dalampisandratana sy ireo efa misandratra maneran-tany i Madagasikara. Anisany misongadina amin'izany ireo firenena indostrialy vaovao Aziatika manara-dia ireo efa tena misandratra toa an'i Shina. Teny filamatry ny fitondrana Rajoelina rahateo izany ary ireo firenena ireo no atao modely. Ny tsy nianatra ny tondro-pampandrosoan' ireo firenena ihany anefa no tsy mahalala ny nampandroso azy ireo, fa tsy ampy ny mijery ivelany fotsiny ny rentirenty asehony. Maro ireo teboka nahatonga ireo firenena hisandratra fa tsy tongatonga ho azy. Tsy ezaky ny olom-bitsy mpanefoefo akory, fa fiaraha-mientan'ny vahoaka iray manontolo mihitsy. Notsinjovina avokoa ny rehetra fa tsy nisy natao zanak'Ikalahafa na natao tany avo avaratra. Tsy nisy na iray aza mpandraharaha nanaovana toetra tsy zaka na hetraketraka amin'ny endriny samihafa na ihany koa tian-kano tsy tiankano. Ary ny politika ara-toekarena matotra sy nahita lalan-kombana mazava sy hentitra ary feno fandalinana. Santionany vitsivitsy sy natao ankapobeny ihany ireo tondro-pampandrosoana ireo hanaovana tari-tsaina amin'ny zava-misy eto amin'ny firenena sy hiaingana eto hikendrena hampisandratana an'i Madagasikara. Raha hanara-dia an'ireo firenena ireo i Madagasikara tsy mitovy ny toe-tsaina sy ny finiavana ananana mbamin'ny fitiavan-tanindrazana hiaingana ary hita ho tsy hitovy ihany koa ny lalana. Ny tetikasa Tana-masoandro ahindrahindra ity tsy teboka niaingana velively tany amin'ireo firenena an-dalam-pisandratana sy efa misandratra ireo. Sehatra hafa ny azy ireo no nahafahany nanokatra lalana nisandratana toy izao. Nisy fototra mafy niaingana ry zareo Aziatika misandratra ireo. Manao ahoana anefa izay fototra izay raha eto Madagasikara? Misy teboka maro no toa iniana ikimpiana eto kanefa fototry ny hampandroso ny firenena. Raha tsy voajery akaiky sy ifotoran'ny fitondrana ankehitriny ireo dia tonga amin'ny fomba fiteny hoe: hihodinkodina ohatry ny mponin'Israely eto fotsiny, ary tsy ho lasa lavitra toy ny akoho mivoaka maraina. Ireo fototra ireo aloha no tokony hifotorona sy maika fa tsy ity tetikasa ity velively. Tetikasa izay izy ity tsy iombonan-kevitra amin'ny vahoaka akory. Io tranga io dia efa teboka iray sahady mifanalavitra amin'ny nataon'ireo firenena misandratra amin'izao fotoana izao.

***Sôh'son***

Jean Bosco Randriamparany

## Tanora tena vonona hampandroso an'Ambohitrolomahitsy



*Ny kandidà Bosco sy ny Filoha Ravalomanana.*

Jean Bosco Randriamparany, no kandidà ben'ny tanàna any amin'ny kaominina Ambohitrolomahitsy, distrikan'i Manjakandriana, natolotry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Tanora manana traikefa, vonona hampandroso ity tanàna ity. Tanora vonon-kiady ny tombontsoan'ny vahoaka sy ny tantsaha any amin'iny faritra iny. Tsy ny antoko TIM ihany no manohana azy ao amin'ity kaominina ity amin'ny fifidianana hatao eto amintsika ny 27 novambra ho avy izao, fa misokatra amin'ny ankolafin-kery rehetra i Jean Bosco, na ny avy amin'ny antoko politika izany, na avy amin'ny fikambanana samihafa, n any olon-tsotra tsy ankanavaka ihany koa. Tokana ihany hoy izy ny kandidà nahazo tsodrano tamin'i Dada dia ny tenany Jean Bosco Randriamparany, N°01 amin'ny biletà amin'ny fifidiana ben'ny tanàna io. N°01 ihany koa ny an' ny kandidà mpanolotsaina avy amin'ny antoko TIM ao amin'ity kaominina Ambohitrolomahitsy ity.

***Isambilo***

Ny Valosoa sy hadihady

# Ambohitrimanjaka : tsy ny olombelona intsony no mitaraina fa efa ny tany mihitsy

***Efa izay mihitsy ny fiainan'ny Malagasy satria miverimberina hatrany ny tantara raha resaka krizy ara-politika no asian-teny. Toy ny mpanani-bohitra mirongo fitaovam-piadiana ny "mpitandro ny filaminana".***

Folo taona mahery sy valo volana no nitranga ny sabotsy mainty, 7 febroary 2009, noho ny bodongerona nananika sy nitarihana ny gasy naka ny Lapam-panjakana Ambohitsorohitra. Rà nandriaka no nisy ary. Voalaza tamin'izany fa tsy ahomby ny tolona raha tsy misy rà latsaka. Nahomby tokoa izany asan'ny maizina izany satria dia niongana ny fitondran-dRavalomanana Marc, iray volana mahery kely taorian'izany nanaovana sorona gasy mpiray rà sy mpiray Tanindrazana izany. Nahomby tokoa ny tolona satria dia nitombo harena sy lasa mpanefoefo ireo niray tsikombakomba tamin'izany tetika izany. Ny Malagasy tsy mandady harona kosa nifanohitra tamin'izany ny fari-piainany satria dia niha-nahantra sy fadiranovana ka ny sivifolo isanjato mahery no miaina ao amin'izany fahantrana izany. Ny Firenena kosa dia anisan'ireo firenena dimy mahantra indrindra eran'izao tontolo izao satria tsy nisy tanteraka ny fampanantenan'ny filohan'ny tetezamita momba ny vary sy ny menaka mora. Nanampy trotraka izany ny tsy nahazoana famatsiam-bola avy tamin'ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena FMI, Banky iraisam-pirenena, eropeana). Natao dridrangilo ny fanelezana ny vaovao fa ny Filoha Ravalomanana Marc no nampitifitra teny Ambohitsorohitra. Na ny mpanao gazety vahiny teny antoerana tamin'ny andro iny dia nanamafy fa tsy avy ao amin'ny Lapa no niavian'ny tifitra ary nametraka fanontaniana izy hoe: "iza no mahazo tombony amin'izao heloka (crime) izao"? Amin'izao fotoana izao dia efa ho herinandro maromaro no tsy nanaiky ny hanotorana ny taniny, indrindra ny tanimbary, ny mponina eny Ambohitrimanjaka sy ny manodidina. Tanindrazany nolovainy tamin'ireo razany teo aloha, ary na iza na iza mbola Malagasy, izay mifikitra amin'ny kolontsaina mifototra amin'ny "Tany", dia tsy hanaiky an'izany. Tsy vitan'izay fa tantsaha mifototra amin'ny fambolena ny mponina eny Ambohitrimanjaka, ka ny asany sy ny foto-pivelomany mihitsy no endahina sy hanaovana an-keriny dia tsy ho tombontsoan'ny Malagasy izany, ary tsy mazava mihitsy ny antony hisisihan'ny fitondrana hanao izany. Hatao inona ny tany malalaka eny Soamandrakizay sa volan'ny vahiny no nanatanterahana ny asa eny ka efa lasany ambongadiny satria tsy afaka hamerina ny vola efa noraisina tamin'izany. Tsy ny olombelona intsony no mitaraina fa efa ny tany mihitsy. Amin'ity fanaovana an-keriny ny tanin'ny mponina izao dia tsy ny vahoaka intsony no nanafika haka ny tanin'olona fa ny "mpitandro ny filaminana" izay natao hiaro ny vahoaka sy ny fananany indray no mananika ny tanàna. Ary ny tena zava-doza dia mbola manendrikendrika sy manilika andraikitra amin'ny olona hafa indray. Tsy "amboa" sanatria ireo vahoaka miaro ny fananany ireo ka hamporisihana dia hivovo. Manampy trotraka izany dia ny orinasa haka an-keriny ny tany indray no narovana ary nitondra fitaovam-piadiana mihitsy ny "mpiaro ny mpanani-bohitra" izay tokony ho niaro ny tompon-tany tanam-polo. Dia toy ny tamin'ny 2009 ihany dia ny TIM sy ny filohany no navoaka an-gazety fa nanomana sy nanakarama mpikarama an'ady (mercenaires) satria nisy ireo solombavambahoaka nidina teny an-toerana. Tsy ifanendrikendrika satria iza no afaka manaporofo fa tsy ny mpomba ny fitondrana no sady naniraka mpitandro ny filaminana no naniraka olona nanakorontana ihany koa. Fiarovan'ny vahoaka ny taniny no nivoahany na dia alina aza ny andro satria ny fomba fanaon'izao fitondrana izao, hatramin'ny tetezamita, no miasa amin'ny alina mba tsy hisy manelingelina. Sarobidy amin'ny vahoakan'Ambohitrimanjaka ny taniny ka na alina aza ny andro dia tsy nahasakana azy ireo nanohitra ny asan'ny maizina izany. Niaraha- nahita anefa tamin'ny fotoan'andro ny niarovan'ny depiote MAPAR ny mponina teny Androhibe niady tamin'ny Fiangonana, kanefa ilay tany aza filalaovam-baolina an'ny fanjakana izany ary ny Fiangonana koa dia mitovy amin'izany. Torak'izany koa ny tao amin'ny tsenan'i "Pochard" ary an'ny fanjakana ny tsena no nobodoin'ny olona vahiny, ny tsena rahateo dia toerana ivarotan'ny olona, izany hoe ao no misy ny fotopiveloman'ireo olona mivarotra ao. Ka tsy azo ekena ny fanaovana vain-drahalahy tsy mba marary. Mbola manampy izany tsindry hazo lena atao amin'ny vahoaka izany ny fanondranana azy ireo any amin'ny tany tsy mbola nodiavin'ny tongony izay azo inoana fa tany efa misy tompony ihany koa ny any Bevoay. Tamin'ity herinandro ity vao nivory, asa raha nisy ihany, ilay komity nandinika izay fanonerana homena ireo tompontany. Nokasaina natomboka anefa ny asa ka saika ho fitahina indray ny tompontany satria rehefa mandeha ny asa dia ho tian-kano tsy tian-kano izay homen'ny mpitondra. Tsapa araka izany fa sady mpamoritra vahoaka no tsy manaja ny zon'olombelona ary tsy mikatsaka hafa- tsy ny tombontsoany izao fitondrana mpampanonofy vahoaka izao.

***Andry Tsiavalona***

Bacc 2019 fihodinana voalohany

## 40% ny taham-pahafana, ny nahazo 10/20 no afaka

Vita omaly ny fitsarana ny fanadinana bacc 2019 fihodinana voalohany, fantatra fa 40% teo ny taham-pahafana ary izay nahazo saalan'isa 10/20 ihany no afaka, ny sisa dia hiatrika ny fihodinana faha-2 manokana. Inoana fa hivoaka anio ny valim-panadinana Bacc fihodinana voalohany izay. 43 isan-jato ireo afaka tao amin'ny sokajy D ary nanodidina ny 40 isan-jato tao amin'ny sokajy A . Ireo tsy afaka tamin'ny fihodinana voalohany dia mbola afaka miatrika ny fihodinana faharoa manokana izay hotanterahina ny alarobia 23 oktobra ho avy izao . Hanao ahoana indray ny fikarakarana an'izany, fotoana fohy dia fohy izany ? Fihodinana voalohany aza efa ho herintaona maninjitra no nanomanan'ny fanjakana azy, nefa dia ireny niaraha-nahita ireny ny tsy fahatomombanana sy ny fivoahan'ny laza adina alohan'ny fotoana, ka dia asa indray ity peta-toko hanomboka amin'ny alarobia ity. Ho vita ara-dalàna ve ny lisitry ny mpiadina sy ny efitra hiadinan' izy ireo ? Tsy hisy intsony ve ny laza adina hatonta eny amin'ny cyber ? Ny fidiran'ny mpampianatra amin'ny sekolim-panjakana toy ny EPP, CEG, LISEA (rentrée des enseignants ) dia efa ela no napetraka ho an'ny taonsekoly 2019-2020 fa dia io alarobia 23 oktobra io . Hahemotra indray ve io izany sa ahoana satria iza no hiambina ny mpanala fanadinana raha tanterahina io fidirana io? Olona avy aiza indray no alaina amin'ny ora farany ary dia ho inona indray no hiseho raha tsy matihanina no antsoina hanara-maso sy hiambina ? Raha hahemotra io fidiran'ny mpampianatry ny fanjakana io dia hihemotra indray koa ve ny fidirana ofisialy izay efa napetraka ho ny 28 oktobra ho avy izao ? Ny fanontaniana mipetraka eo am-bavan'ny maro ny amin'izao bacc misy fihodinana faharoa manokana izao noho ny fisian' ny fivoahan'ny laza adina alohan'ny fotoana dia ny hoe : iza no nomena vahana tamin'ny tsy nanafoanana ny fihodinana voalohany ? Moa tsy ireo nahita fanadinana va ? Raha nanam-bola hamerenana fanadinana ihany ny fanjakana , nahoana no tsy nofoanana tanteraka ary tsy namoahana voka-panadinana ny tamin'ny fihodinana voalohany fa izay no tena mety sy ara-drariny.

***Ny Valosoa***

OJM sy CRIMAD

## Manameloka ny fanitsakitsahana ny asa fanaovan-gazety nataon'ny mpitandro filaminana

Taorian'ny fisamborana notanterahan' ny mpitandro filaminana teny Ambohitrimanjaka ny alakamisy hariva, dia nisy ireo mpaka sary an-gazety no voatositosika sy nalaina an-keriny ny fakan-tsariny ary mbola nofafana ihany koa ny sariny. Noho izany dia manameloka tanteraka izany fanitsakitsahina ny lalànan'ny fanaovan-gazety izany ny Crimad (Collectif des Reporter d'Image de Madagascar) sy ny OJM (Holafitry ny Mpanao-gazety eto Madagasikara), satria ny mpitandro ny filaminana tokony hanaja ny lalàna indray no mandika izany, hoy ny fanambarana izay nataon'ny Filohan'ny CRIMAD sy ny Filohan' ny OJM: Rakotondrazaka Hery sy Rakotonirina Gerard.

***Nangonin'ny Ny Valosoa***

### NY TENY FIAINANA

**Salamo 119:63**

*Naman'izay rehetra matahotra Anao aho*
*Sy naman'izay mitandrina ny didinao.*

ANOSIBE, ANDAVAMAMBA, ANTOHOMADINIKA,…

## Namindra ny fanilo amin'i Rina, Ravalo



Namindra ny fanilo amin'i Rina, ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifaninanana izay hitondra ny tanànan'Antananarivo indray afaka volana vitsivitsy. Ny teny amin'ny faritra Namontana, Anosibe, Andavamamba, Andranomanalina, Bekiraro, Ambodin'Isotry Antohomadinika III-G Hangar no nanatanterahin'ny Kandidà ho ben'ny tanànan'Antananarivo, Randriamasinoro Rina, kandidà laharana faha-2 ao amin'ny bileta tokana, ny fidinana ifotony nijerena ny olan'ny mponina omaly maraina. Raha ho an'ireo faritra ireo dia ny olan'ny fahatsentsenan'ny tatatra sy ny lakandrano izay miteraka fiakaran'ny rano isaky ny fotoanan'ny orana no tena mampikaikaika ny mponina. Hanamaivanana ny fahasahiran'ny mponina mandrampisy ny asa ofisialy dia hisy ny asa tanamaro na HIMO, hisavana ny tatatra araka ny nambaran'ity kandida ity, asa izay sady manome tombony ho an'ireo mponina no manome asa ho an'ireo tanora tsy anasa eny amin'ireo faritra voakasika koa.
Hazakazaka niarahana tamin'reo tanora teny Namontana no nanokafana ny fidinana ifotony nataon'ny kandidàn'ny Tim eto Antananarivo renivohitra, Randriamasinoro Rina ny fidinana ifotony nataony tamin'izny, nanaporofoiny fa akaikin'ny tanora ny tenany, hazakazaka izay niarahana tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana Filoha nasionalin'ny Antoko TIM. Nitohy teny amin'ny tsenan'Anosibe ny dia, nifampitafany tamin'ireo mpivarotra sy mpiantsena maraina eny an-toerana, fotoana nampahafantaran'ny filoha mpanorina ny Tim ny asa vitany fony izy nitantana ny tanànan'Antananarivo tamin'ny fotoan'androny, dia ny fananganana ny Tsenan'Anosibe, nambarany tamini'zany fa hampitaina amin'ny kandidà Rina ny fanilo, ka tokony hahavita betsaka lavitra nohon'ny asa efa vita tamin'zany fotoana ity kandidà ity rehefa mby eo amin'ny toerana maha-Ben'ny tanàna azy, ary tsy hikatsaka hafa-tsy ny tombontsoa ho an'ny mponin'Antananarivo sy ny vahoaka malagasy manontolo. Taorian'io dia nihazo an'Andavamamba ny fitsidihina sy ny fifanankalozankevitra mivantana tamin'reo mponina, nohenoina avokoa ireo sokajin'olona samihafa teny amin'ny faritra nolalovana toy ny tanora, ny zoky olona, ny mpivarotra, ny mpandraharaha sy ireo mpanao asa madinika toy ny asa fanasana lamba, hita tamin'izany fa nifankahazo am-po ny kandidà Rina sy ny mponina, tao anatin'ny tsikitsiky sy ny fifankazahoana tanteraka no nisehoan'ny fifampiresahana teny an-dalana rehetra teny. Ho an'ny teny amin'ny faritra Andranomanalina sy ny teny Antohomadinika III-G Hangar dia isan'ny olana sedrain'ny mponina eny an-toerana ny olan'ny fahatsentsenan'ny tatatra sy ny lakandrano izay miteraka dibodrano rehefa milatsaka ny orana araka ny fitarainan'izy ireo. Nambaran'ny kandidà ben'ny tanàna Rina tamin'izany fa misy ny asa tsy maintsy miandry ny fe-potoam-piasana vao azo hatao fa misy ihany koa ireo asa azo tanterahina avy hatrany mba hahafahana mamaha ny olan'ny vahoaka, araka izany dia nampanantena ny kandidà Rina fa hanatanteraka asa an-tanamaro HIMO ho an'ny eny amin'ny faritra Andranomanalina, ka ireo tanora eny an-toerana ihany no hifandrimbona hanatanteraka ny asa fanadiovana ny tatatra mba hialana amin'ny fiakaran'ny rano amin'ny arabe sy ny tanàna.
Efa nanomboka omaly kosa ny asa tanamaro na ny HIMO nentina nanadio ny tatatra mamakivaky ny tanàna eo anivon'ny fokontany Antohomadinika III-G Hangar, nanolotra fitaovana avy hatrany ho an'ireo mponina eny an-toerana ny kandidà Rina iatrehana izany asa izany, fitaovana toy ny Gilet, Baoty, Angady,… tsy vitan'izay fa avy hatrany dia nandefasana mpitroka rano ihany koa ity ranobe nihandrona teo afovoan-dalana teo amin'ny tobim-piantsonan'ny taksibrosy mankany amin'ny faritra Alaotra Mangoro iny.

***Naina***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fidinana ifotony nataon'ny kandidà Rina, N°2.









**FMF**

# Resy lahatra amin' ny vitrika ananan' ny Ligy any Vakinankaratra

Ny Ligin'ny Vakinankaratra amin'ny taranja baolina kitra no ligy voalohany notsidihin'ny filohan'ny federasiona Malagasin'ny baolina kitra, na FMF, Arizaka Raoul Rabekoto voalohany, taorian'ny nahalany azy tamin'ny fomba Ofisialy. Nanatanteraka takarivam-piombonana ho an'ny mpikirakira baolina kitra ny Ligy Vakinankaratra, na "Soirêé de Gala", ka nanasany ny filohan'ny federasiona sy ireo mpiara-miasa aminy. Nandritra izao lanonana takariva izao no nanaovan'ny filohan'ny Ligy fangatahana niantefa tamin'ity tompon'andraikitra ity ny mba hametrahana "terrain synthétique" kianja bozaka tsy natoraly manaraka ny fenitry ny baolina kitra iraisam-pirenena. Raha tahiny ka handray hetsika iraisam-pirenena i Madagasikara indray andro any, dia afaka mamaly ny filàna ny tanànan'Antsirabe raha toa ka misy io fotodrafitrasa io. Mbola latsaky ny 200 km miala amin'ny renivohitra no manana ihany koa ireo Hotel lehibe afaka handraisana vahiny manan-kaja. Nambaran'ny filohan'ny Ligy Andriatomponera Fidinirina, sy ireo mpiara-miasa aminy koa ny herijika ananan'ny ligy eo amin'ny sehatry ny baolina kitra. Manana section 07, ekipa valo no ao anaty divizionina voalohany, mpilalao miisa 485 no manana licence ary efa maro ireo kintan'i Vakinankaratra no milalao any amin'ireo club matanjaka eto amin'ny Nosy. Manana vehivavy mpitsara lalao iraisam-pirenenena ihany koa ny ligy ary efa niroso tamin'ny dingana maro ho fanatsarana ny lentan'ny baolina kitra. Famporisihina sy fanohizana ny ezaka no nasetrin'ny Filohan'ny federasionina teto amin'ny ezaka ataon'ny ligy. Na dia vao tamin'ny desambra 2017 aza no nitantana ny Ligy Andriamatoa Fidy sy ireo ekipany dia efa misongadina i Vakinankaratra ary efa nandray anjara ihany koa tamin'ny sehatra avo toy ny Poule des As. Mahakasika ny fangatahana nataony dia efa ao anaty vina ny hametraka kianja synthétique ary ato anatin'ny 4 taona, fotoam-piasana dia mihoatra noho ny fangatahan'ny filohan'ny Ligy ny tolotra omeny satria "centre technique" mihitsy no nambarany, izany hoe hisy famolavolana ny taninketsan'ny baolina kitra, ivom-piofanana ary kianja lehibe iray. Fandefasana horonantsary fintina an'ny Ligy, fizarana mari-pankasitrahana ho an'ireo mpilalao kintan'ny kitra miisa 22 zanak'i Vakinankaratra, kabary ifandimbiasana ary fiarahana niala voly no tao anaty fandaharam-potoana tamin'ity fotoana ity, tao amin'ny Hotel des Thèrmes Antsirabe.

*Lezama*

## Sakafo Ny Valosoa



Henabaolina sy lasary voatabia indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha mbola misy ro matsatso anana koa hampiarahana aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanadiovana tasy amin'ny hoditra



Fanadiovana tarehy-point noir, sy tasy ary mampalefaka ny hoditra :
-mba hampiala sy haha-mora ny fanalana ny point noir ary mba hampalefalaka tsara ny tarehy dia mila mievoka :
-izany hoe maka rano mamay be atao anaty koveta kely na bol ngezabe, dia saronana serviette ao ny tarehy hajanona 5 à 10 min eo , izay vao manisy masque.
- ny masque dia: atody 1, ( tapotsiny sy tamavony miaraka )
- huile d'olive 1sotrokely,
- siramamy 1sotrokely ,
- citron 1 (jus)
-fanaovana azy:
kapohy tsara ny atody ampiana tamenany na tapotsiny rehefa izay dia arotsahy ireo fangaro ambiny, afangaroy tsara miaraka izy ireo,
-ahosotra amin'ny tarehy avy natao an'ilay evoka, izany hoe tsy fafana akory ilay tarehy vao vita ny evoka fa tonga dia ahosotra an'io masque io avela 20min eo dia kobanina rano matimaty, azonao atao isan'andro raha simba be ny tarehy na betsaka loatra ny point noir, fa in-3 isan-kerinandro kosa raha tsy dia maninona.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Sadjoavato any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana

Ny tanànan'i Sadjoavato any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna, avo toerana ihany izy satria 249 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. 52 km avy any Antsiranana no misy ny tanàna, amin'ny RN6 mankany Ambilobe. Ny hoe Sadjoavato dia siny vato, misy siny vato 2 natoraly ao amin'ity faritra ity: Sadjoavato be sy Sadjoavato hely. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any: mamboly katsaka, mangahazo, vary. Misy mpanefy koa ny mponina dia mpanefy antsy.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 159), Madagasikara 16 Oktobra 2019

***Jeremia 3: 22*** "***Miverena hianao, ry zaza mpihodina, fa hositraniko ny fihodinanareo. Indreto, manatona Anao izahay, fa Hianao Jehovah no Mpanjakanay***".

Ry firenena Malagasy, ry izao tontolo izao noforoniko, ry olombelona ambany masoandro, mampalahelo AHY JEHOVAH hianareo, hianareo anefa tsy mety manatona AHY, tsy tia an'i JESOSY KRISTY, tsy manaiky ny FANAHY MASINA. Jereo anie ny anaovan'i losifera anareo e! Ady, korontana, aretina, famonoana, fiandaniana, fanerena an-kolaka, fanovana zavatra maro, amin'ny lafiny rehetra dia maninana AHY i losifera. Raha **ny tiako JEHOVAH dia hianao mandray fanapahan-kevitra androany** fa raha vitanao izany dia tsy tafiditra eo amin'ny fiainanao intsony izy. Aza adino fa tsy misy fiarovana afa-tsy avy aty andanitra ihany, tsy misy fahasambarana afa-tsy izay efa nomaniko ho an'izay tia AHY ihany, tsy misy fiainana izany raha tsy manana an'i JESOSY KRISTY ary mino AZY sy manompo AZY, tsy misy zava-pantatrareo izany ry olombelona raha tsy manana ny FANAHY MASINA hianareo, Ilay FANJAKAKO io e! ***II Timoty 1: 1***"*Paoly, Apostolin'i Kristy Jesosy noho ny sitrapoko Jehovah Mpanjaka, mba ho mpitory ny teny fikasana milaza ny fiainana izay ao amin'i Kristy Jesosy*"

Ry olombelona ô! Ho aiza hianareo? Hanao inona hianareo? Mino inona hianareo? Miandry inona hianareo? Ary iza no antenainareo. ***Asan'ny Apostoly 17: 28*** "*fa IZAHO no ivelomanareo sy ihetsehanareo ary iainanareo; araka ny nataon'ny mpanao tonon-kira sasany teo aminareo hoe: Fa terako koa hianareo.*". Mbola tsy mahiratra foana ve ny masonareo hatreto? Aza variana, aoka ho mailo fa maro ny zavatra omanin'i losifera hamitahany, haminganany ary handringanany ***Matio 22: 29*** "*Mahadiso hevitra anareo ny tsi-fahafantaranareo ny Soratra Masina na ny heriko JEHOVAH.*" Aoka ho fantatrareo anefa fa IZAHO efa manomana fiainana ary fiainana be dia be ***Jaona 10: 10***[b] "*Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be.*": lala-marina, lala-masaka, lalam-pamonjena, lalam-pitiavana, lalam-pandresena, lala-masina no sady TOKANA. Jereo anie ny tontolo misy anareo e! mihasimba, miharava, mihapotika. Iza no afaka hilaza fa mahay manarina izao zava-misy izao? Ny fahaizanareo? Ny fahalalanareo? Ny vola sy harenanareo? Ny tanjaka sy ny herin-tsandrinareo? Tsinontsinona izany. Indro AHO JEHOVAH hamerina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra. ***Zakaria 4: 6***[b] "*Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko Jehovah, Tompon'ny maro.*"Ka inona no holazainareo manoloana izany, ho ambony ambany ary ho ambany ambony ny zava-hitranga isam-pirenena ary samy tsy hisy hahita vahaolana na iza na iza. Indro fa hiala maina, hitsoaka an-daharana ary samy ho tonga amin'ny fahaverezan-kevitra lalina ny olombelona, ny governora hametrapialàna, ny praiminisitra hametra-pialàna, mpitondra firenena hametrapialàna, manam-pahaizana hiala andaharana, mpanam-bola sy mpamatsy vola tampin-dalan-kaleha, harin-karena mitotongana tsy amin'ny laoniny instony, fifanekena iraisam-pirenena, isam-paritra ? Rava; fikambanana mafy orina, feno korontana sy tondrotondro. Ho maro no ho diso fanantenana, ho betsaka no ho kivy arapolitika, ara-barotra, ara-pitondrana, ara- pivondronana ao amin'ny fiarahamiasa amin'ny fifanakalozana. Fa inona ity? Izay no asan'i losifera. Ny Fanahiko eo amin'izay manana azy irery sisa no azo antoka fa afaka miady amin'ireo fanahy ratsy maro, afaka mijoro. Hoy ny Teny ao amin'ny ***Marka 13: 22*** ***"****Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana, ka haneho famantarana sy fahagagana hamitahany na dia ny olom-boafidy aza, raha azo atao izany****"***. Iza moa ireo olom-boafidy? Ireo manao ny asako, ireo mitandrina ny ondry, ireo mpitory ny Fahamarinana. Aoka hitandrina tsara fa i losifera koa dia mitondra fampianarana diso any anaty Fiangonana ***I Petera 5: 8***"*Mahonòna tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany.*" Io no asan'i losifera farany: mandripaka Fiangonana, mandringana ny olo-masina, manakana ny mpaminany tsy hiasa, mandrava ny fototra iorenana ara-panahy, mikapa izay efa mijoro ***I Korintiana 10: 12*** "*Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, fandrao ho lavo.*" Indro i losifera mametraka fitaka, hosoka sy lainga eny amin'ny sehatra maro ka aoka ho tsara fiambenana ny fanahinao, am-bavaka, am-panoloran-tena fatratra, am-pahezana feno ao amin'ny firaisana ao amin'ny FANAHY MASINA ao amin'ny fitondran-tena madio, marina sy masina ao amin'ny finoana sy fanantenana fa ho avy tampoka eo aminareo ambany masoandro ny fahatanterahan'ny Teny Fikasana ho an'ny zanak'olombelona rehetra tsy an-kanavaka dia ilay FIFOHAZAM-PANAHY LEHIBE SADY FARANY INDRINDRA ambonin'ny tany. Ho anao izay mahalala izany mivavaha, ho anao izay tsy mahalala an'izany mivavaha, ho anao izay manao an-tsirambina izany mivavaha. Fifohazam-panahy, tsy fanangonana olona ho any anaty Fiangonana, tsara izany fa famerenana amin'ny laoniny ny zavatra rehetra, fananganana ny olona ho ao amin'i JESOSY KRISTY, ho ao amin'ny FANJAKANA alohan'ny hahatanterahan'izay voasoratra ao amin'ny Baiboly dia izay vao ho tonga ny farany. Izao zava-misy hitanao sy renao ary atrehanao izao dia fanombohana ihany. Mbola tsy tara fa miverena haingana ***II Tantara 7: 14*** "*Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny*" Dia ho hitanao ny valiny avy AMIKO JEHOVAH. Miandry anareo JESOSY KRISTY ILAY MPANJAKA, aoka ho eo aminareo Ilay FANAHY MASINA Mpampahery, IZY no Ilay FANJAKANA apetraka ao anatinareo. Aleloia.

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

**Fanafoanana ny arrêt bus teo amin'ny Trondro**

## Malalaka ny fifamoivoizana eny Andrefan'Ambohijanahary



*Malalaka ny lalana eny Andrefan'Ambohijanahary.*

Malalaka ny fifamoivoizana eny Andrefan'Ambohijanahary noho ny fanafoanana ny arrêt bus eo amin'ny Trondro, na tamin'ny tsena alakamisy teny Mahamasina aza dia nalalaka izany. Nijery izay fahalalahan'ny fifamoivoizana izay ny tompon'andraikitra ao amin'ny Boriboritany faha-4 (CUA), ka hita fa nahomby izay fanafoanana arrêt izay, sy ny fanisahana azy eny Anosy eo anoloan'ny Sénat sy anoloan'ny Fitsarana. Ankehitriny, fantatra fa mampikaikaika ny olona ny lafiny fitohanan'ny fifamoivoizana eto amin'ny tanànan'Antananarivo, noho ny fanamboaran-dalana misy. Noho izay antony izay, nanomboka ny zoma teo, nandray fanapahan-kevitra ny eo anivon'ny tanànan'Antananarivo sy ny Boriboritany faha efatra nanafoana ny fiantsonan'ny Taxi be eo amin'ny "arrêt bus" trondro Andrefan'Ambohijanahary; koa dia miova toy izao ny fiantsonan'izy ireo : ireo zotra rehetra ho any Analakely toy ny zotra 113, 135, 137, 142, 142, 150, 154, 199 dia mampiasa ny arrêt eo Anosy manoloana ny SENAT ; ny zotra rehetra ho any Ampefiloha kosa toy ny : 110, 113, 140, 151, 159, 172, 187, Zotra F, zotra G dia mamonjy avy hatrany ny arrêt manoloana ny fitsarana Anosy. Tsiahivina fa niara-nisalahy tamin'ny fanentanana mialoha ny mpitatitra, sy ny mpivarotra ary ny mpandeha tamin'izao fanafoanana arrêt izao ny teo anivon'ny Boriboritany faha efatra ; ny ekipa teo anivon'ny Direction Technique et de la mobilite Urbaine, izay misahana ny fifamoivoizana eto amin'ny tanànan'Antananarivo «DTMU », ny teo anivon'ny Polisy Monisipaly sy Nasionaly. Manaraka izay dia manentana antsika hatrany ny eo anivon'ny Kaominina Urbaine Antananarivo ny hanaraka ny lamina izay napetraka ho antoky ny fampondrosona satria Antananarivo dia soa iombonan'ny Malagasy.

***Aly***

**Ambanin'ny arabe Isoraka-Ampatsakana**

## Noesorina ireo fako sy loto eo amin'ny tevana



*Ny fanadiovana ny tevana teny Isoraka-Ampatsakana.*

Niara-nisalahy tamin'ny fanadiovana ny fokontany teny Isoraka Ampatsakana ireo ekipa teknika miisa 150 teo anivon'ny Boriboritany Voalohany sy ny ekipan'ny RF2: Rafitra Fidiovana sy Fanadiovana afak'omaly. Nanomboka teny amin'ny "ancien combatant" izany fanadiovana izany ary nifarana teny amin'ny toerana fanaovana "soudure" teny Anosy. Araka ny voalazan'ny lefitra faharoan'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, Razanadrakoto Heriniaina, dia nodiovina tanteraka ny eo amin'ny tevana ambanin' ny arabe eo Isoraka-Ampatsakana satria anisan' ny toerana maloto sy miteraka fofona, ka manelingelina ny hafa, ankoatra izay dia nosorohana ihany koa ny lobolobo teny amin'io toerana io satria rehefa tonga ny hariva dia miafina ao ireo jiolahy rehefa hanatanteraka ny asa ratsiny. Nanamafy ihany koa ny filohan'ny RF2, Rakotoarimanga Albert fa eo no tena toerana anisan'ny maloto ary ilaina ny fanadiovana toy izao ary nanararaotra ihany koa ity farany nisaotra ny Kaominina satria tontosa tsara tamin'ny antsakany sy andavany ny asa. Betsaka ny fako sy ny loto noraofina teny an-toerana satria manelingelina ireo mpitondra fiarakodia ireo fako nivangongo sady entin'ny rivotra ny fofona sy ny riaka, ka izay indrindra no tena nanaovana izao fanadiovana faobe izao. Entanina araka izany ireo mpitondra fiara, ny mpandeha an-tongotra sy ireo mponina eny anivon'ny fokontany mba tsy hanary ny fako etsy sy eroa ho fitandroana ny fahadiovana. Rehefa tsy mandoto dia efa naman'ny manadio.

***Naina***

**FI.MPI.MA Antsirabe**

## Namarana ny jobily faha-15 taona nijoroany

Namarana ny fankalazana ny faha 15 taona nijoroany ny Fikambanan'ny Mpikabary Malagasy teto Vakinankaratra.. Ankoatr'izay, natao teto ny "Fananterana" izany hoe fandraisana mpikambana raikitra ireo mpikabary nivoaka tamin'ny taon-dasa na talohan'izay , ny fanolorana mari-pankasitrahana ireo nahefa be teto amin'ny Faritany ka tody amin'izao faha 15 taona izao. Mbola hisy araka izany fanolorana mari-pankasitrahana eny anivon'ny sampana ary narahina fampisalorana lamba sy fametahana "fango" ireo mpianatra kabary miisa 30 mahery. Ara-tantara dia ireo mpanjaka vehivavy no tompon'ny teny, ka nanentana indrindra ireo vehivavy mba hianatra sy hiofana kabary teto FI.MPI.MA Antsirabe Ramatoa Ranaivozandriny Raharimalala. Maharitra herintaona ny fianarana kabary, efa manodidina ny 1000 ireo nahavita fiofanana: misy ireo any ivelany, any amin'ny faritany ary misy eto an-toerana ihany.

***Lezama***

KAOMISARIA ETO ANTANANARIVO

## Nahazo fitaovana tamin'ny Ambasadin'i Chine

Fitaovana hoentin'ny Polisim-pirenena manatevina ny fomba fiasa ho an'ny sampan'asa UIR (Unité d'Intervention Rapide) toy ny fiarovan-doha; fiarovantratra "Gilet anti-bale"; ireo hazo fikapoka "Matracage" no natolotrin'ny Masoivohon' i Sina amin' ny fomba ofisialy, tetsy amin'ny "Commissariat de Police" etsy Tsaralalana ny alakamisy maraina lasa teo. Lanonana natrehin'ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny Polisim-pirenena niaraka amin'ny fianakaviambe ny Polisy eto Antananarivo Renivohitra, sy ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny "Commissariat central" ao Antananarivo. Nilaza ny ministra Rafanomezantsoa Roger fa ny fikolokoloana sy ny fanatsarana an'ireo fitaovana ireo, mba haharitra amin' ny asa fitandroana ny filaminana eto Antananarivo Renivohitra no ho tandroana mafy. Ankoatran' ny fampitaovana dia nilaza ny "Contrôleur Général de Police" Rafanomezantsoa Roger fa ny sampan'asa UIR no tena hampiasa an'ireto fitaovana ireto ary efa nisy fampiofanana natao ho an'ireto farany mba anamafisana ny traik'efa sy fahaizana mifehy ny tranga korontana raha toa ka misy izany. Ny sampan'asa UIR eny anivon'ny Polisim-pirenena no tonga voalohany rehefa misy zavatra mitranga eto Antananarivo ary manampy betsaka amin'ny fiarovana ny Polisy sy ny fitandroana ny filaminana ireto fitaovana nomen'ny Masoivohon'i Sinoa ireto.



*Ireo fitaovana vaovao azon'ny Polisim-pirenena.*

***Franck Razakambelo***

DRAEP Vakinankaratra

## Haromotana zero ny tanjona manomboka izao

"Mitsahatra hatreto ny haromotana", io no lohevitra nentina nankalazana ny andro iraisam-pirenena hiadiana amin'ny haromotana izay nomarihina teto Antsirabe. Tontosa tamin'ity herinandro ity ny fanokafana izany tamin'ny fomba ofisialy izay natao teo anoloan'ny Tranobe ny kolontsaina Antsirabe. Tonga nanome voninahitra izany teto ny Tale Jeneraly ny fiompiana izay ny nisolo tena ny Minisitry ny fambolena, ny fiompiana ary Jono, izay notronon'ireo manampahefana avy eto an-toerana nahitana ny Sekretera Jeneralin'ny Prefektiora, ny Lehiben'ny Faritra Mpisolo toerana sy ireo mpiara-miasa aminy, ary ireo talem-paritra isan-tokony. Raha tsiahivina, aretina azo avy amin'ny kaikitra, rangotry ny alika sy ny saka, ireo biby mafana rà ny haromotana izay tsy misy ny fanafody entina hitsaboana azy io. Raha ho an'ny Faritra Vakinankaratra manokana dia saika ahitana trangana haromotana isan-taona, ka ny taona 2017 no nahitana ny taha ambony izay miisa 7, fa nihena 2 kosa izany ny taona 2018 ary tamin'ity taona ity dia efa iray sisa no tranga hita. Nandritra izao hetsika izao dia nisy ny vaksiny maimaimpoana ho an'ny alika sy ny saka, ka taorian'izay dia nisy ihany koa ny fanaovana izany manerana ireo Distrika 7 mandrafitra ny Faritra sy fampisehoana ireo alika tsara. Teto dia naneho fahavononana ny Ministeran'ny fambolena ny Fiompiana ary Jono amin'ny hamongorana tanteraka ny aretina izay isan'ny ao anatin'ny programa ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao. Mbola namporisika ihany koa ny hanaovana zavadehibe ny fikarakarana ireny biby ireny, indrindra amin'ny fanaoavana vaksiny isan-taona. Tokana ny tanjona hoy izy ireo dia fisorahana ny fahafatesan'ny olona. Tsy mijanona eo ny hetsika fanaovam-baksiny maimaimpoana izay, fa mbola hitohy mandritra ny 2 volana, ka hoan'ireo izay mbola tsy nahavita dia entanina hanatanteraka izany. Zava- dehibe ho an'ny daholobe ny fisorohana ny haromotana, ka entinina ny rehetra mba samy hanao vaksiny ny biby. Nandritra ny fotoana dia nisy ny fampisehoana nataon'ireo olona miompy alika "chien de race", naneho ny fahaiza-manaon'ireo biby.

***Solohery***

Antsirabe

## Nahazo toeram-panaovam-pety ny olona manana fahasembanana

Tsy diso anjara tamin'ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny « Tehina fotsy », ny tao Vakinankaratra. Nankalaza ny andron'ny 15 Oktobra mantsy ny Fivondronamben'ny fikambanana manana fahasembanana ara-pahitana, na ny "Fédération des Association Aveugles de Madagascar", na ny FAAM izany. I Antsirabe no nosafidiana nanaovana ny hetsika satria Antsirabe no misy ny Tetikasa Voatra Asa, natao hanofanana ireo olona manana fahasembanana ara-pahitana, mba hahafahan'izy ireo mivoatra amin'ny fiainana, ka tsy ho vesatra ho an'ny fiaraha-monina. Ankoatra izay dia nisy ny fitokanana ny Kolokanto Espace, izay sehatra iray lehibe ahafahana mandray hetsika no sady hikoloana ny kanto sy ny talentan'ireo olona manana fahasembanana. Raha ny tantara, ny tehina fotsy dia fitaovana iray entin'ny olona manana fahasembanana sy osa ara-pahitana amin'ny fifindran-toerana amin'ny fiainana andavanandro, ary koa ahafantaran'ny olona fa jamba ny olona iray. Nifanindran-dalana tamin'izao ihany koa ny fanokanana ilay toerana fanaovana lanonana etsy amin'ny "Parc de l'Est". Nambaran-dRatobiniarana Haingo, izay mpandrindra ny tetikasa "voatra asa", fa isan'ny ezaka nataon'izy ireo ny fanisana ireo olona manana fahasembanana ara-pahitana tao anatin'ny faritra niisa 4 dia i Vakinankaratra sy Amoron'i Mania, Matsiatra ambony ary Atsimo Andrefana, ka nanodidina ny 400 teo ho eo no hita tamin'izany ny taona 2018 raha ny tao Vakinankaratra ihany. Nisy ny fanofanana maro nomena ireo olona ireo, mba hahafahan'izy ireo mivelona sy mahaleotena ka nisy ny notohanana tamin'ny fiompiana sy fambolena, fa misy kosa ireo niasa birao, toy ny eo anivon'ny faritra Vakinankaratra ohatra. Voaporofo tokoa fa mahavita ny asa rehetra izy ireo amin'izao fotoana, taorian'ny fiofanana izay nomena azy ireo. Fiaraha-miasa tamin'ny CBM sy ny Ambasadin'ny Soisy ary ny Principauté de Monaco no nahafahana nanangana ity Kolokanto Espace ity, raha toa ka ny faritra Vakinankaratra kosa no nanolotra ny tany nanorenana izany ao amin'ny Parc de l'Est. Marihina fa azon'ny rehetra ampiasaina amina fikarakarana hetsika ara-kolotsaina ity toerana ity satria natao itadiavam-bola ho fampandehanana ny asan'ny fikambanan'ny olona manana fahasembanana ihany koa. Zava-dehibe ho an'ny Faritra ny fampiroboroboana ny ara-kolotoraly sahanin'ny fikambanana voatra asa no sady mikolo ireo olona manana fahasembanana ho eo anivon'ny tontolon'ny asa araka ny nambaran'ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana. Tonga nanome voninahitra izany teny an-toerana ny Tale Jeneraly ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy, izay notron'ireo manam-pahefana avy eto an-toerana nahitana ny Sekretera jereneraly ny Prefektiora. Araka ny fantatra ny volana febroary no nanombaka ny asa fananganana ity "Espace Kolokanto" ity, izay mirefy 10 ara ka ahitana "podium" lehibe iray mirefy 10 metatra ny lavany ary 6 metatra ny sakany; eo ihany koa ireo "container" roa hivarotana rehefa misy ny lanonana sy hampirantiana ireo asa-tanana vitan'ireo olona manana fahasembanana ara-pahitana.

***Solohery***

Vakoka sy kolontsaina

## Notokanana ny fanarenana ny Lapa Fenohasina Ambohitrabiby

Andro iray toa zato ho an' ny kolotsaina, vakoka ary tantara Malagasy omaly, andro nanokanana arapomba ofisialy ny Lapa Fenohasina ao amin'ny Rovan'Ambohidrabiby, izay nanaovana Fanarenana mba ho tsangambato fanamarihana ny faha-20 taona nijoroan'ny Fikambanana Taranaka Ambohidrabiby. Andro lehibe satria andalan-tohatra tsy maintsy diavina mba hahatomombana antsakany sy andavany ny vina hanarenana koa ny Rovan'i Madagasikara "Manjakamiadana". Raha ny resaka tao-trano teto Imerina no asiana resaka dia azo lazaina tsy am-pihambahambana fa manana izay ho lazain'ny Taranaka Ambohidrabiby tarihan'ny Filohany , ny Profesora Rabetrano Andriambololo-nivo sy ireo tonia ara-tantara sy teknika : Herijaoson Rason sy Niombonana Razafindrakoto Hasina. Tsy azo lavina na iadian-kevitra kely akory aza, hoy izy ireo fa fahaiza-manao momba ny mari-trano sy tao-trano avy any Ambohidrabiby no nanorenana ireny trano kotona sy lapan'Andriana ireny fahiny. Ny lovantsofina voatahiry ao Ambohidrabiby mandraka ankehitriny, dia milaza fa nanomboka tamin'ny andron-dRabiby no niantombohan'ny fandrosoana goavana teo amin'ny lafiny ara-kolontsaina taty Ankova. Nampiditra fomba amam-panao maro izy raha tsy hilaza hafatsy ny fanindriana (na fanoloana) anaram-bintana « arabo » ireo volana fampiasan'ny Vazimba. Ny Alahamady ohatra dia avy amin'ny hoe Al-Mahal. Ondralahy no biby enti-maneho azy io. Manaraka azy io ny Adaoro, avy amin'ny teny hoe Eth-Thour na hoe Ombalahy.

Tsy vitan'izay fa nasiany fanavaozana lehibe ny resaka mari-trano sy rafi-trano nantsoina hoe « trano kotona ». Voalohany, narindrany araka ny filahatry ny vintana 12 ny lafin-drindrina efatra. Ny zoron-trano tsirairay avy dia mitondra renivintana iray avy. Ny Alahamady no eo amin'ny zoro avaratra atsinanana. Ny Asorotany no eo amin'ny zoro atsimo-atsinanana (nantsoin'ny Vazimba hoe anjoron'akoho). Ny Adimizana no eo amin'ny zoro Atsimo-andrefana raha toa kosa, ka ny Adijady no eo amin'ny zoro Avaratra-andrefana. Manaraka izany dia narindrany araka ny sora-panorona, na ny mari-trano sy ny teknika momba ny tao-trano na ny fandaminana ny fipetraky ny entana na ny zavatra rehetra ao anaty trano kotona.

I Fenohasina (trano kotona) no anaran'ny lapan-dRabiby. Efa nonenan-dRabiby sy Ramaitsoakanjo vadiny tany Ambohitsitakatra izy io no nafindra tao Ambohidrabiby. 5,50m no lavany raha toa ka 4,75m ny sakany araka ny sisam-bakoka voatahiry tao an-toerana. Rehefa natao ny fikarohana sy ny fanamarinana rehetra dia mirindra tsara araka ny sora-panorona ireo refy ireo.

Ny mari-trano sy ny hai-tao nanaovana an'i Fenohasina no nananganan'Andrianjaka ny lapany atao hoe Besakana. Mbola avy amin'io lapa io ihany koa no nakana ny modelin'ireo lapan'andriana rehetra toa an-dry Mahandrihono, Mahitsy… Eny fa na dia ireo lapa nanomboka teo amin-dRadama izay efa nasiam-panavaozana araka ny mari-trano maoderina tandrefana aza dia nifototra hatrany tamin'ny mari-trano nanaovana an'i Fenohasina.

Araka ny fomban'ny andriamanjaka teto Imerina, raha misy fikasana hanarina lapa tranainy na hanorina lapa vaovao dia tsy maintsy atomboka amin'ireo lapan-drazana eny amin'ny vohitra masina aloha. Araka ny hasina, tsy tongatonga foana ny niantsoana ho 'HASIN'IMERINA" an'Ambohidrabiby, fa misy antony lehibe : Vohitra Masina , Vohitra Manankasina. Ka na dia Andrianampoinimerina aza, fony hanorina an'i Mahitsy sy Mahandrihono dia nanarina ireo lapan-drazany tao Ambohidrabiby aloha. Toy izany koa, Radama I, mialoha ny nananganany an'i Tranovola tao Antananarivo dia nanarina ny lapa Manjakazafy, lapan-dRalambo tao Ambohidrabiby izy aloha.

Hambompom-pirenena, fitiavan-tanindrazana mba ahafahana mirehareha amin'ny maha Malagasy ny tena no antony hanarenana ireny vakoka nentin-drazana ireny : Hiverenan'ny Hasina, nisongadina teny Ambohitrabiby omaly.

***Aly***

NY VALOSOA VAOVAO
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**12/10/19 hatramin'ny 19/10/19**

- **HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/ 020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 966-10-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**VONDRONA ANGAROA**

# Hanaitra ireo tompon'andraikitra rehefa misy trangana kolikoly

Tafajoro ara-dalàna eto Antsirabe ny Vondrona Angaroa Vakinankaratra, izay ivondronan'ireo Fiarahamonim-pirenena maro eto an-toerana hifanome tanana amin'ny Bianco amin'ny ady amin'ny kolikoly. Nisy ary ny hetsika fampahafantarana izany tamin'ity herinandro ity, tao amin'ny lapan'ny faritra. Ny tompon'andraikitry ny fanentanana avy eo anivon'ny Bianco ao Antananarivo Ralaivoavy Fanantenana no niaraka tamin'ireo tompon'andraiki-panjakana tao Vakinankaratra. Araka ny Paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly vaovao 2015-2025, izay mametraka ny vina hanafaka an'i Madagasikara amin'ny vahohon'ny kolikoly amin 'ny taona 2025, ka ho fanjakana tan-dalàna hisian'ny fandrosoan'ny toekarena sy ny sosialy ary tontolo iainana. Isan'ny lalan'asa natao laharampahamehana ny fanentanana ny mpiara-monina handray anjara arak' izay tandrify azy amin 'ny ady amin' ny kolikoly. Ny ady amin'ny kolikoly dia andraikitry ny olom-pirenena rehetra fa mpitarika ihany ny Bianco. Isan' ny fahombiazan'ny ady amin'ny kolikoly ny fitokisana sy fanohanan'ny olom-pirenena ary indrindra ny irotsahana sy fandraisana andraikitry ny mpisehatra isan-tsokajiny: olom-pirenena, fiarahamonim-pirenena, mpikirakira vaovao, sehatra tsy miankina sy sehatr'asampanjakana. Ny fiarahamonim-pirenena dia manana andraikitra lehibe amin'ny fanairana sy fanarahamaso ary ny fanaovana ady sisika momba ny ady amin'ny kolikoly, mba hisian'ny fahamarinana sy mangarahara ary tamberin'andraikitra ho an'ireo mpitondra fanjakana. Amporisihana arak' izany ny fiarahamonim-pirenana, mba haneho fahasahiana hanatanteraka izany asa masina nankinina aminy izany, hanatsikafona ireo trangana kolikoly misy eo anivon'ny fiaraha-monina ary hanaitra ny mpitondra isan'ambaratonga sy ny vahoaka amin'ny zavatra tsy mahomby isan-karazany. Izany asa izany anefa dia tanterahina ao anaty fahamendrehana sy am-panajana tanteraka ny rafitra an-tanatohatra sy ny lalàna velona eto Madagasikara. Ny Angaroa raha ny fampahafantarana dia zava-maneno tsofina natao ho fanairana ny olona amin'ny fisian-javatra mitranga ary miantso ny besinimaro hanatrika tany aloha tany, toy ny anjombona izany. Ny "Vondron'ny Angaroa" dia olona manana fahitsiany sy ny fahamarinany ary finiavana mba hanao ny asa fanairana mikasika ny kolikoly, hitondra ny angombaovao marim-pototra mba hahazoan'ny Bianco manainga fanadihadihana. Tanjona, hanaitra sy hanentana ireo mpitondra sy mpitantana isan'ambaratongany amin' ny fampiharana sy fanantanterahana ny fepetra iadiana amin'ny kolikoly, na dispositif anti-corruption eo amin'ny sehatra misy azy. Hampita vaovao marim-pototra mahakasika ireo trangana kolikoly. Hanoro sy hanabe ny olom-pirenena ny tokony hatao raha mahita na iharan'ny kolikoly.

***Lezama***

Boriboritany faha-4 (CUA)

# Notoloran'ny orinasa Filatex fitaovana samy hafa amin'ny birao

Fantatra fa maro no mpiara- miasa mahafatrapo izay miara-miasa amin'ny Boriboritany faha4 (CUA) amin'ny lafiny maro, anatanterahana ny soa iombonanan'ny vahoaka ankehitriny, anisan'izany ny orinasa Filatex, izay hita fa tsy mikely soroka amin'ny fanampiana ity boriboritany ity. Raha ny omaly dia nanolotra fitaovana ho entimiasa samy hafa amin'ny birao, na antsoina ihany koa hoe « materiel de bureau » ho an'ny Boriboritany indray ny orinasa, ka latabatra lava miisa 3, seza lava na banc miisa 3 ihany koa miampy seza enina no natolotra tamin'izany ; ny antony nanolorana izao fitaovana izao dia noho ny fahitan'izy ireo fa efa mila ho soloina hatrany ny fitaovana toy itony, fa efa miha-simba ary efa ela niasana avokoa. Natolotra ampahibemaso nanoloana ireo mpiara-miasa rehetra ny boriboritany izany, izay notarihin'ny Delege Ramahandrimanana Daniel, ka hita fa ravo avokoa ny rehetra hisitraka ireo fanovana vaovao. Tsiahivina fa nanamafy hatrany ny Delege ny Boriboritany fa tsy mijanona hatreo akory ny fiaraha- miasa ny roa tonta fa hitohy hatrany ary vonona ihany koa ny orin'asa ho amin'izany. Marihana hatrany fa ny ao amin'ny Boriboritany faha-4 dia mikatsaka hatrany ny tombontsoan'ny manandraharaha rehetra eo anivon'izany boriboritany izany.


***Aly***



*Ny fanolorana fitaovam-piasana tao amin'ny Boriboritany faha-4 avy amin'ny Filatex.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)
**N° 297**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0296)

**Mitsivalana**
- Sakalava
- Arina – Ry (Miv)
- Malina
- Aminao
- Ro (Miv) – Aty (Miv)
- Noely
- Avo – Voay (Miv)

**Mitsangana**
- Sampona
- Ara – Rov(a)
- Kila – Eo
- Lamina (Miv)
- Lany – YY
- Any
- Vy – Atao
- Aotra (Miv)

### TENY MIFANARAKA N° 297




**Mitsivalana**

**1.** Mpanakanto fahiny – Tsirin-teny Mpanao (Miv) **2.** Entimilaza – Nanaisotra **3.** Nandroso – Anaty rano **4.** Tiana – Fafa **5.** Lasopy, sakafo – Ao amin'ny mozika **6.** Mafana (Miv) – Teny fanairana **7.** Tampisaka – Foto-tenin'ny fonenana **8.** Ao anaty taolana – Kianteny (Miv) **9.** Saro-bahana indraindray **10.** Harena – Fianakaviana sambatra

**Mitsangana**

**A.** Ikopa, sisaony **B.** Hazan-drano – Haja sy voninahitra **D.** Faran-teny – Sahala (Miv) **E.** Fihaonam-be – Kanto **F.** Manakoako (Miv) – Simba, masiso (Miv) **G.** Sokafy – Firinga (Miv) **H.** Tsirin-teny Iharana – Vatany **I.** Tsinjaka – Matanjaka **J.** Mpanoritra – Nofy tapany **K.** Manadihady, manadina

### Valiny Teny mifanaraka 0296

**Mitsivalana**

1. Seranana 2. Mahalala (Miv) 3. Savony 4. Manolo (Miv) - Lao 5. (O)ta - Arahana 6. (O)ry - Rotary 7. Rava (Miv) - Noa (Miv) 8. Niadina (Miv) 9. Ar - Mi - Na 10. Tiona (Miv) - Tao

**Mitsangana**

A- Sasatra - Ma B. Oviala (Miv) D. Ravo - Ao E. Alona - Rary F. Nanary G. Miaramila (Miv) H. Na - Haody I. Antalaha (Miv) J. (R)ano - Ina K. Ambaninao




Ny kandidà Ben'ny tanàna
Tiako i Madagasikara, N°1
kaominina Ambohitrolomahitsy
Manjakandriana,

**Jean Bosco RANDRIAMPARANY**